## Fitondrana Rajoelina 2
# Kabary tsy voahevitra no betsaka ataony

## Antoko TIM Ambanja 3
# Nanampy ny Toby FJKM mitsabo marary saina



NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 2 marsa 2023 Laharana 1408 Vidiny : 600 Ar


## Depiote Feno teny Ankatso 2
# Nanao famelabelarana momba ny fahantrana eto


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto



## Tsy fanajana lalampanorenana. HCDDED 2
# Miantso ny HCC hampiato tanteraka ny Filoha amin'ny asany




## Rajoelina sy Ravalo 3
# Mbola hafa mihitsy ny Filoha Ravalomanana



## Ambatondrazaka sy Amparafaravola 2
# Tsy azo ivoahana amin'ny 9 alina ka hatramin'ny 3 maraina



## Hetsika teny Tanjombato 2
# Natolotra an'i Thierra Bruno ny tolo-tanana ho azy



## Vidina solika 6
Nitolo-batana ilay « pômpista » nitondra vola nitsoaka

## Taranja Judo Malagasy 6
Nahazo 258 tapitrisa ariary tamin'i Japon

## Daka kely
Tsy fanajana lalàna, toa ho dakan' ny mpokona alohan'ny fotoana ialahy ry Boaikely a !

DEPIOTE FENO TENY ANKATSO

# Nanao famelabelarana momba ny fahantrana eto Madagasikara




*Depiote Feno sy depiote Todisoa (afovoany), niaraka tamin'ireo mpianatra teny Ankatso.*

Vahiny nasain'ny lalam-piofanana momba ny fiarahamonina na sociologie teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, Ankatso, afak' omaly, ny depiote avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-3, Feno Ralambomanana. Famelabelarana narahina ady hevitra, na "Conférence débat", mikasika ny fahantrana eto Madagasikara sy ny Fampandrosoana ny Firenena, no novoaboasany niaraka tamin'ireo mpianatra nandritra izany. Izy koa no nosafidian'ireto farany ho Ray Mpiahy azy ireo amin'ny "sortie de promotion", n any fivoahan'izy ireo rehefa vita ny fianarany eny amin'ny Anjerimanontolo. Nanome voninahitra ny fotoana ny solombavambahoaka voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM, ao amin'ny Boriboritany faha-6, Andriamampandry Todisoa.

**Isambilo**

Ambatondrazaka sy Amparafaravola

# Tsy azo ivoahana amin'ny 9 alina ka hatramin'ny 3 maraina



*Alina any Ambatondrazaka.*

Noho ny tsy fandriampahalemana amin'ny resaka fakana an-keriny, na kidnapping, misy ny "couvre à feu": tsy azo atao nanomboka omaly ny fivoahana amin'ny 9 ora alina, ka hatramin'ny 3 ora maraina, any amin'ny distrikan'Ambatondrazaka sy Amparafaravola, any amin' ny faritra Alaotra Mangoro. Nisesisesy tokoa tao ho ao izay fakana an-keriny, sy ny resaka tsy fandriampahalemana amin'ny endriny samihafa izay any amin'iny faritra sompitr'i Madagasikara iny, nahatonga ny Prefet an'Ambatondrazaka nandray izao fepetra izao. Mbola tsy hita hatramin' izao ireo olona miisa 3, fianakaviana iray, nisy naka an-keriny ny zoma lasa teo tany Morarano Chrome Amparafaravola.

Araka ny vaovao voaray, mitaky hatramin'ny 200 tapitrisa Ar ireo mpaka an-keriny. Ho fiatrehana izany, misy ireo mpitandro filaminana fanampiny avy aty an-drenivohitra amin' izao fotoana, manampy ireo any an-toerana. Nilaza i Andry Rajoelina ny herinandro lasa teo, fa tsy maintsy iadiana ity resaka kidnapping ity, dia ho hita eo ny ho tohiny, fa tena miraviravy tanana tokoa ny any amin'iny faritra iny ankehitriny, noho io fírongatry ny tsy fandriampahalemana io.

**Stefa**

Hetsika teny Tanjombato

# Natolotra an'i Thierra Bruno ny tolo-tanana ho azy

Afak'omaly no nanolorana an' i Thierra Bruno, ny tolo-tanana izay natao ho azy, nandritra ny fifampiarahabana nahatratra ny taona vaovao, izay nataon' ny antoko Tim Atsimondrano tao amin'ny Magro Tanjombato, ny sabotsy lasa teo. Nisy ny tolo-tanana natao ho an'ity mpanakanto ity nandritra io fotoana io, navitrika nanome izay voatsirambin'ny tanany, ireo mpikatroka Tiako i Madagasikara tonga teny an-toerana tamin'io fotoana io. Ny hiran' i Thierra « tokoa dia anisan'ny fampiasan'ny mpitolona ao amin'ity antoko ity amin'ny hetsika ataony, raha tsy hilaza afa-tsy ny hira : «tianao va ? », Ravoromanidin'irony… » Nanolotra izany fanampiana izany ho an'ity mpanakanto ity, nisolotena ny maro, ny depiote voafidy tao Atsimondrano, Alain Ratsimbazafy sy ny mpanentana : Anja. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fahasalamana ho azy ihany koa.

**Isambilo**



*Ny fanolorana ny tolo-tanana ho an'i Thierra Bruno.*

Tsy fanajana lalampanorenana. HCDDED

# Miantso ny HCC hampiato tanteraka ny filoha amin'ny asany

Miantso ny HCC: Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, hampiato tanteraka ny filohampirenena amin'ny asany ny HCDDED (empêchement définitif), na ny Filankevitra ambony miaro ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna. Efa nalefan'ny teo anivon'ny HCDDED na ny Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny lalàm-panorenana na ny HCC, ilay taratasy fangatahām-panazavana nataon'ireo Solombavambahoaka miisa 23, noho ny fijabahan'ny Filohan'ny Repoblika amin'ny raharaha eo anivon'ny Antenimierampirenena, mahakasika ny fitsipaham-pitokisana ny governemanta ny volana desambra lasa teo. Miteraka olana eto amintsika hoy ny HCDDED ny fitsabahana andraikitra tahaka ireny, ka tokony haato tanteraka amin'ny asany ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, noho ny fanitsakitsahany ny lalampanorenana, izay voalaza ao amin'ny lalampanorenana izany, ao amin'ny andininy faha-49, ka tokony hosaziana ny filohampirenena, amin'ny fampiatoana azy tanteraka amin'ny asany. Ny andininy faha-118 ao amin'ny lalàna fototra, no ahafahan'ny HCDDED manao izao fitoriana any amin'ny HCC izao, araka ny nambaran'izy ireo.

**Niaina**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Rajoelina

# Kabary tsy voahevitra no betsaka ataony

Kabary tsy voahevitra no betsaka eto ataon'ny fitondrana Rajoelina. Raha izany lohateny izany no fakafakaina dia maro ny olona no heno teny rehetra teny fa kabary sy hain-teny tsy misy fandalinana, no ataon'ireo manampahefana ao amin'ny fitondrana ao amin'ny ankapobeny, miainga any an-tampony avy any amin'ny filohampirenena Andry Rajoelina. Raha ny nataon'ny filohan'ny Antenimieram-pirenena Christine Razanamahasoa ireny ohatra, dia maro ireo nilaza fa miendrika adim-poko, satria raha toerana 10 na 11 miaraka amin'ny Praiminisitra no tadiaviny homena ny zanak'i Fianarantsoa, mba ahoana ny zanak'i Toliara, Toamasina, sns... momba izay governemanta hitondra eo? Tsorina fa mety mora amin-dry depiote Naivo Raholdina ny manao hoe: na hasiana merina 20 aza eo, tsy olana fa i Rajoelina ihany ny anay, no tompon'ny teny farany, nefa raha izay dia mivadika zavatra hafa mihitsy indray no hitranga. Midika koa izany fa tsy ampy olona tokoa ry Rajoelina. Tsy voahevitra ny hainteny na izay tatitra atao hoy ny maro, satria anisan'ny nanesorana ny minisitra teo aloha Richard Randriamandranto ny momba ny raharaha Rosia sy Ukraina, nefa ny minisitra Lalatiana Rakotondrazafy fotsiny ihany dia nivadi-dela momba izany, ny minisitra Yvette Sylla dia nisabaka sady tsy atsy no tsy aroa, hono. Ny politikan-dry Rajoelina momba an'io dia mitranga mihemotra toa lelon-jaza. Moa ve tsy azo atao matotra ny filazana ireny ho an'ireo mpitondra, fa mba fanina koa ny vahoaka, sa atao kabary mantamanta fotsiny eny ihany?

Ao amin'ny kolontsaina tokoa ny kabary, nefa na ny filoha aza toa miteniteny foana manao ny azy rehefa tojo fitokanana na lanonambe, toa tsy mahatadidy na minia tsy mitadidy ny zavatra ambarany sy nambarany. "Manao be filaza; nefa tsy mahatanteraka ", tsy mifanaraka amin'izay ambarany ny tokony na tsy tokony hataon'ny minisitra miray dia aminy eo, na izay hafatra omeny ny manampahefana manotrona azy eo. Ny "Marina sa tsy marina, sy ny ekena sa tsy ekena " foana no manakoako, nefa dia hita tokoa fa sady felaka tehamaina no manafosafo ny vahoaka, ary fandonana tapany ihany koa nefa mampandoa erany ny rehetra mihitsy, toy ny fanorenana sekoly sy hopitaly, Csb2... Ny teny manara-penitra foana no atao mibaribary nefa ny seza sy fitaovana samihafa tsy ara-drariny, ny mpampianatra sy ny mpitsabo atao amin'izany dia odian-tsy hita amin'ny farany: toy ny Fram, ny CTC-19, tsy omena izay toky natao azy ireny, tsy tafiditra mpiasam-panjakana akory, ka mi-grevy etsy sy eroa.

**Beharo**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Ny Antso R.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Rajoelina sy Ravalo

# Mbola hafa mihitsy ny Filoha Marc Ravalomanana

Miezaka manarina ny tsy fahombiazany eo amin'ny sehatra rehetra ny fitondrana tarihan-dRajoelina Andry, ka mitady ny fomba heveriny fa hamerina ny fiheveran'ny gasy azy ho « mesia » ka hampandroso ity Nosy ity tao anatin'ny fotoana fohy, kanefa na dia ireo dimy ambiroapolo isan-jaton'ny mpifidy nandatsa-bato ho azy tamin'ny fifidianana ho Filoham-pirenena fihodinana faharoa aza dia efa rikoriko amin'ny ataony satria diso fanantenana tanteraka. Tsy hitanisa ireo fampanantenana marobe nataon-dRajoelina Andry izay, fa santionany vitsivitsy no hoentina hanamarinana ny fihodinan'ny olona aminy amin'izao fotoana izao. Matikambo na matin'ny hambony loatra izao fitondrana izao satria nikabary Rajoelina Andry fa tsy mila ny mpamatsy vola mahazatra (FMI, BM, sns,...) fa tsy handroso i Madagasikara na amin'ny taona 2030 na 2050 na 2060. Tsy roa taona teo amin'ny fitondrana anefa izao fitondrana izao no teo amin'ny fitantanana ny Firenena dia nandalo teto ny valanaretina covid-19, ka na nilaza aza Rajoelina Andry fa i Madagasikara no hanavotra izao tontolo izao satria namokatra fanafody CVO dia niaraha-niaina, fa raha tsy nisy ireo mpiara-miombonantoka ara-tekinika sy ara-bola dia nahita ny tsy fahita teto ny vahoaka malagasy. Matikambo ihany koa izao fitondrana izao satria ho sompitra aty amin'ny Ranomasimbe Indiana, hono, satria hahavita tena ara-tsakafo ny Nosy ary hanondrana ny ambim-bava any ivelany. Ny zava-doza anefa dia ny nifanohitra tamin'izany no nisy satria nanafatra izay ilain'ny mponina an-davanandro, hatramin'ny vary, ka sambo roapolo no nitaterana izany. Ny manahirana ny saina anefa dia ny tantsaha any ivelany no novelomina fa ny teto an-toerana kosa dia novonoina an-kolaka. Ny tsapa tokoa dia nanangana ny SPM ny fitondrana nentina nanilihana ireo orinasa malagasy mpanafatra entana, ka heverina fa voa in-droa toy ny dakam-boriky ny gasy fa, nahazo tombony avo roa heny ny mpitondra. Tsy misy afaka mandà tokoa fa afaka namatsy vola an'i Comores tokoa i Madagasikara raha toa ka tsy nataon'ny mpitondra tantely afa-drakotra ny harem-pirenena ary azo heverina fa ireo volamena efapolo kilao latsaka kely tratra tany aminy no nanaovany fanampiana ara-bola ireto mpitondra matikambo ireto volana vitsy lasa izay. Izay no lazaina momba ny fifandraisana amin'ny any ivelany. Raha ny eto antoerana kosa dia nihambo Rajoelina Andry, fa hanao izay tsy vitan'ireo mpitondra nifandimby tato anatin'ny enimpolo taona raha vao tonga teo amin'ny fitondrana. Tsy ilaina ny miresaka ireo fotodrafitrasa nankalazain'ny filohan'ny Repoblika, Toamasina ho toa an'i Miami, Ambatondrazaka ho toa an'i Paris, sns,... satria iaraha-mahita ny fivadihan-javatra, fa ireo misy fiantraikany eo amin'ny fiainam-bahoaka no hasongadina. Nentina niady amin'ny kere sy ny tsy fanjarian-tsakafo any amin'ny Faritra Atsimon'ny Nosy dia nisy ny tetikasa fitarihan-drano amin'ny alàlan'ny "pipe-line" hamatsian-drano ny mponina sy ny biby fiompy ary entina hanondrahana ny tanim-boly. Zary resaka ambony vavahady izany satria tsy mbola misy tokontaniny izany amin'izao fifaranan'ny fepotoana itondran-dRajoelina Andry izao. Matikambo ihany koa Rajoelina Andry raha nilaza fa hampitomboiny 400MW ny angovo 400MW efa nisy ao anatin'ny dimy taona. Vao tsy ela akory izy dia nilaza indray fa hampitomboiny 800MW izany ato anatin'ny dimy taona ho avy. Ny 400MW aza tsy hita ka aiza indray no hamokatra izany nofinofy izany. Tsy misy fivoarana ary vao mainka miha-ratsy ny famatsiana angovo ka misy fiantraikany eo amin'ny fidiram-bolan'ny miasa tena mampiasa herinaratra. Tsy mahagaga raha toa ka miha-mahantra sy fadiranovana ny vahoaka malagasy saingy mitombo harena sy milomano ao anatin'ny harena ny mpitondra. Tsy "mesia" Rajoelina Andry ary mpianany mitovy aminy ireo mpiaradia aminy, ka tsy hisy fahagagana hitranga eto ato anatin'ny enim-bolana. Ireo no anton'ny ialàn'ny ankamaroan'ny niady mafy tamin'ny nampandaniana an-dRajoelina Andry ao an-tsambo izay efa azo antoka fa ho rendrika. Mahagaga ny fampitoviana an-dRajoelina Andry sy ny filoha Ravalomanana Marc navoakan'ny gazety mpiseho isan'andro iray, omaly, satria mampitovy lakana aman-jahatra ihany. Ny tsapa dia miezaka manao dika mitovy amin'ny nataon-dRavalomanana Marc i Rajoelina Andry kanefa toy ny atsimo sy avaratra ny MAP sy ny IEM. Raha ny zavatra iainan'ny Malagasy amin'izao fotoana izao dia tsy hitovy amin'izay niainany tao anatin'ny 2002 sy 2009. Izay mahatsapa sy miaina fa tsy misy mandeha amin'izay laoniny ny zavatra rehetra dia tsy azo ekena raha diso lasibatra sy tsy manao fanabeazana mifototra amin'ny fampahafantarana ny fototr'izao toe-javatra iainan'ny mpiray firenena izao.

***Andry Tsiavalona***

Lycée Ambohitrimanjaka

# Mankalaza ny faha-25taona nijoroany

Natomboka afak'omaly ny fankalazana ny faha-25 taona niorenan'ny Lycée ao Ambohitrimanjaka ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Nanatrika ny fotoana, ny Solombavambahoaka sady kestora faha-3 ao amin'ny Antenimierampirenena Mamy Rabenirina, sy ny Ben'ny tanànan'Ambohitrimanjaka Ihajason Randriamanalintsoa, izay samy olom-boafidy avy amin'ny lisitra Tiako i Madagasikara (TIM). Fotoam-pivavahana, no anisan'ny nanombohana izao fanombohana tamin'ny fomba ofisialy ny faha-25 taonan'ny Lycee Ambohitrimanjaka izao. Napetraka tamin'izany koa ny vato fehizoron'ny tsangambato, ho amin'izao tsingerintaona izao.

***Isambilo***



*Ny fotoam-pivavahana nanombohana, ny fankalazana ny faha-25 taonan'ny Lycee Ambohitrimanjaka.*

ANTOKO TIM AMBANJA

# Nanampy ny Toby FJKM mitsabo marary saina

Nisy ny hetsika nataon' ny antoko Tiako i Madagasika (TIM), tany Ambanja faritr'i Diana ny faran'ny herinandro teo. Nisy ny fanaovana asa sosialy, fanampiana ny Toby FJKM, izay mitaiza olona marary saina ao amin'ny Commune Rurale Antranonkarany distrikan' Ambanja amin'ny faritra Sambirano iny. Nisy arak'izany ny fanomezana vary , savony , Sira , akanjo friperie, ho an'ireo olona mipetraka sy tsaboina ao aminy toby, miisa 60 mahery. Tonga nanolotra izany ny President DISTIM Ambanja, sy ireo mpikatroka antoko TIM tao an-toerana, notronin'ny mpitandrina FJKM ao Ambanja.

***Nangonin'i Stefa***



*Ireo avy amin'ny antoko TIM, nanatanteraka hetsika sosialy tany Ambanja.*

## TONONKALO

### RY 105 , RY 107 !

Nankaiza , nankaiza ireo dimy amby zato ?
Sa tena efa sokina nanani-bato,
Ka azo lazaina fa hoe tapi-dalana
F`efa ny lohany no nitsivalana ?

Ahoana àry izany , mankaiza ny dia
Fa tsy tazana ilay hoe demokrasia ?
Olon-tokana no indro fa nanao bontolo
Dia indreo ianareo fa nanaiky daholo ?

Ity `lay raikalahy nidi-tsehatra koa
Dia mifanahin-dalitra ka mankandoa,
Fa ny tsy azy mihitsy no indreo notsabahiny
Ka dia nihintsana ilay voninahiny !

Izany koa ve no mba antenimiera,
Sa efa dia tena "mivadika orera" ?
Moa tena mibahana ao ny kolikoly,
Ny tsy ara-dalàna sy ny asan-devoly ?

Mifarana ve ny an`ny dimy amby zato ?
Sa mbola hitamberina indray ato ho ato,
Satria tsy mijanona hatreo ny tsikera
Fa miditra indray ireo ekipan`ny "lera"?

Dia ahoana koa ny amin`ny fito amby zato,
Sa nisy dia nisy ny nangala-bato ?
Moa `nareo rehetra mijoro eny ambony
Dia tena efa tsy azo itokisana intsony ?

***DADAN`i ZINA (28-02-23)***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00
gvalosoa@yahoo.com

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona, Helisoa

**Ny fifampiarahaban'ny antoko TIM tany Ambatondrazaka, faritra Alaotra Mangoro, natrehan'ny birao politika sy ny depiote Fidèle Razarapiera.**
















**Ny fotoam-pivavahana ho fanokafana ny faha-25 taonan'ny Lycee Ambohitrimanjaka, distrikan'Ambohidratrimo, natrehan'ny depiote Mamy Rabenirina, sy ny ben'ny tanàna Ihajason Randriamanalintsoa.**





## NY TENY FIAINANA

*"Ny olona tsara no isehoanao fa tsara; ny tena olo-marina no isehoanao fa marina."*

***II Samoela 22:26***

### ATHLETA HIATRIKA NY LALAON'NY NOSY 2023

# Ho any France na any Georgie na any Italie ny Judokas Malagasy



*Judokas Malagasy.*

Raha efa lasa any Chine ireo atleta Malagasy niatrika fampivondronana, hiatrehana ny Lalaon'ny Nosy 2023 nefa tsy tafaraka amin'izy ireny ny mpanao judo, fa handeha ho any amin'ny firenen-kafa, hoy ny ministeran'ny tanora sy fanatanjahantena: MJS, ka anjaran'ny FMJ: Federasiona ny Judo, no mikaroka toerana azo hanatanterahana an'izany. Nambaran'ny filohany FMJ, Me Bruno Eric Said tamin'ny mpanao gazety, fa efa nifampiraharaha tamin'ny tompon'andraikitry ny Judo any France sy any Georgie ary any Italie ry zareo, ka miandry an'izay tena vonona ny handray ny judokas Malagasy sisa hatolotra ny MJS. Novinavinain'ny MJS ho 4 volana no haharetan'ny fampivondronana hataon' ireo Judokas Malagasy any ivelany any, ka tsy hiverina eto an-tanindrazana izy ireo raha tsy hiatrika ny fifaninanana Lalaon'ny Nosy eto Madagasikara amin'ny volana aogositra 2023. Fantatra ihany koa, araka ny nambaran'i Me Bruno Eric Said ihany, fa aorian'ny fiatrehana ny "Championnat de Madagascar de Judo", ho tanterahina amin' ny volana aprily 2023 ho avy izao, no hanendrena an'ireo Judokas tena handrafitra ny ekipam-pirenena Malagasy hiatrika an'izany Lalaon'ny Nosy 2023 izany. Ankoatra an'io fanomanana ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 io dia ho vaindohan-draharaha homanin'ny Judo Malagasy ihany koa, ny hiatrehana ny "Championnat d'Afrique de Judo", hatao any Maroc amin'ny volana septambra 2023 ho avy izao. Farany dia mbola nambaran'i Me Bruno Eric Said tamin'ny mpanao gazety ihany koa, ny hanaovana sonia tsy ho ela ny hanomezan'i Japon "donation d'équipement materiel de judo", hapetraka ao amin'ny Dojo Nationale de Judo, nampananatenain' ny filohan'ny Repoblika Malagasy.

***Rainilita***

### Section de Tennis Marovatana

# Hikarakara « Tournoi » hoan'ny ankizy



*Ankizy mpilalao tenisy eny Marovatana.*

Taorian'ny niatrehan'ireo mpilalao tenisy lahy sy vavy ao amin'ny seksiôna ny tenisy eny Marovatana, ny fifaninanana « Championnat de Section Marovatana Toutes Catégories » ho an'ny sokajy «Vétérans Dames + de 35 ans » , ny « Vétérans Hommes + de 55 ans», ny « 3è série Hommes », ny « 2è série Hommes » ary ny « 1ère série Hommes », teny amin'ny Club du Car Ivato tamin'ny 11 ka hatramin'ny 26 febroary 2023 lasa teo, dia hikarakara « Tournoi » natokana hoan'ny ankizy na « Tounoi Amical de Tennis pour Enfants de 8 à 18 ans » indray, ity Seksiôna ity, ho tanterahina eny amin'ny Club du Car Ivato hatrany, hanomboka amin'ny sabotsy 04 martsa ka hatramin'ny alahady 12 martsa 2023 ho avy izao. Ho maimaimpoana ny fisoratana anarana ho an'ireo maniry ny handray anjara amin'ny fifaninanana, alohan'ny zoma 03 martsa 2023 ho avy izao, ao amin'ny « sectiontennismarovatana @gmail.com, na amin'ny tel : 034 40 410 42 ».

***Rainilita***

### Rugby XXL Energy Top 20

# Hitohy amin'ny alahady ny andro voalohany



*Rugby Tfma Ankasina.*

Hitohy amin'ny alahady 05 martsa 2023 ho avy izao ny andro voalohany, amin'ny fifaninanana rugby fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara "Elite Nationale XXL Energy Top 20", ka handrasan' ny maro sady hisongadina amin'izany ny la- laon'i Pilokely sy "Flèche noire", izay mamarana ny hetsika. Fandaharan-dalao amin'izany : 09:00-3Fai Ambalavao # Uscar Commune, 11:00-Stm Savonnerie # XV Avenir Andohatapenaka, 13:00- Uasc Cheminot # Mang' Art Manjakaray, 15:00-Tfa Anatihazo # Tfma Ankasina.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Hena baolina** vita amin'ny totonken'omby sy anana indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny jus celeri sy kôkômbra

Ny soa azo avy amin'ny jus celeri sy kôkômbra indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny jus kôkômbra sy celeri dia tsara ho an'ny aty , ny vavony , ny tsinay , ary manadio ny ao anaty rehetra. Mety ho an'ny olona rehetra koa.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambinanitelo any amin'ny distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna avy amin'ny kaominina miisa 16 any amin'ny distrikan'i Manaanara Avaratra, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 12 any amin'ny distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo ihany, no hampahafantarina anao manomboka androany.

Ny tanànan'Ambinanitelo any amin'ny distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo. Renivohitry ny kaominina Ambinanitelo ity tanàna ity. Any avaratry ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 39 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Manakaiky ny Helodranon'i Antongil no misy an'Ambinanitelo, manakaiky koa ny valanjavaboahary any Masoala. Vokatra any ny jirofo, ny kafe, ny lavanila, ny vary. Misy mpanjono koa ny mponina any an-toerana.



VIDINA SOLIKA

# Nitolo-batana ilay « pômpista » nitondra vola nitsoaka

Varotra solika any Sambava faritra Sava, araka ny vaovao farany voaray, nitolo-batana ilay tovolahy ni- tondra vola vidina solika nitsoaka. Nitolo-tena, ka nanatona mpitandro filaminana ilay pômpista, na mpiasa mpivarotra solika, nitondra « versement » na vola vidin-tsolika. Vola vidin-tsolika na « versement » manodidina ny 3.200.000 Ar, ka hatramin'ny 6 tapitrisa Ar, no nentin'ity pômpista ity nitsoaka hoy ny tobin-tsolika, station Shell Vavasaha Sambava. Ankizy anisan'ny natokisan'ny mpampiasa azy indrindra anefa ity tovolahy nahavanon-doza, nivadi-pitokisana ity.





*Ilay tovolahy nivadi-pitokisana, sy ilay tobin-tsolika any Sambava.*

**Stefa**

Lalaon'ny Nosy andiany faha-11

# Nanatanteraka fivoriana ara-teknika ireo tompon'andraikitra Malagasy

Nanatanteraka fivoriana ara-teknika mikasika ny handraisan'i Madagasikara ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 amin'ity taona 2023 ity, tetsy amin' ny Kianjaben'i Mahamasina, ireo tompon' andraikitra Malagasy notarihan' ny MJS : ministeran'ny tanora sy ny fa- natanjahantena, sy ny minisitra vaovao ao aminy, niaraka tamin'ny solontenan'ny Kômity Olympika Malagasy, sy ireo Filohan'ny Federasiôna sy Tale Teknika nasiônaly rehetra, izay mandray anjara amin'izany lalao izany. Ankoatra ny fandinihana ny fandaminana ara-teknika dia nisongadina tamin'izany fivoriana izany koa ny mahakasika an'ireo fitaovana rehetra ilaina hapetraka eny amin' ny ivon-toerana, izay hampiasaina handraisana ny fifaninanana. Mahakasika ity lalaon'ny Nosy ity, mbola tsy fantatra beny ihany hatreto, na ho hatao eto amintsika ihany izany, na tsia.




*Mpivory teny Mahamasina.*

**Rainilita**

Taranja Judo Malagasy

# Nahazo 258 tapitrisa ariary tamin'i Japon

Hahazo lelavola mitentina 66.019 euros (258 tapitrisa ariary) avy amin'ny fanjakana japoney ny taranja Judo Malagasy, hoentina hampitaovana ny Dojo Nasiônaly, izay hatsangana tsy ho ela eto Antananarivo. Notanterahina tamin'ny talata 28 febroary teo, teny amin'ny Hôtel du Louvre Antananarenina, ny fanaovan-tsonia ny fifanekena fanomezana « Projet d'acquisition des équipements », ho an'ny tetikasan'ny Federasiona Malagasin'ny Judo. Ny fanjakana japoney no hamatsy an'ity vola ity, izay hampitaovana « tatamis et matériels de qualité pour la préparation physique » ny Dojo Nasiônaly hatsangana. Marihana fa efa ho 20 taona katroka izao ity taranja ity no tsy mba nanana an'izany Dojo nasiônaly izany dia izao manangasanga izao indray izany, amin'ny



*Ny filohan'ny Uaj (ankavia) sy ny Masoivon'i Japon ary ny filohan'ny Fmj.*

andro hitantanan'Andriamatoa Bruno Eric Said ny FMJ. Andriamatoa Siteny Randrianasoloniaiko filohan'ny UAJ « Union Africaine du Judo », izay nanatrika sy nanome voninahitra ny fifanaovantsonia dia nisaotra ny governemanta japoney tamin'ny alalan' Andriamatoa Abe Koji, masoivohon'i Japon eto Madagasikara, tamin'izao fanomezana natolony izao ary nanamarika ihany koa ny fanohanany ny hanangana ny Dojo nasiônaly Malagasy tsy ho ela. Nohararaotin'ny filohan'ny UAJ ihany koa ny nanambarana, fa ho tanterahina eto Antananarivo amin'ny volana jolay ho avy izao ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika eo amin'ny Judo sokajy « Cadet » sy « Junior » 2023.

**Rainilita**

Club Do Judo

# Mankalaza ny faha-5 taona niorenany

Mankalaza ny faha-5 taona niorenany ankehitriny ny klioba Do Judo, izay noforonin'ny « Présidente fondatrice », Ramatoa Rabeantoandro Domoina tamin'ny taona 2018, ka manana ny ny toeram-panazarantenany eny Ambohitrarahaba ankehitriny, rehefa niala teny amin'ny zaridainan'Andohalo, nahazatra azy tany am-piandohana nanaovana an'izany. Tamin'ny sabotsy 25 febroary 2023 lasa teo, teny Ilafy, no nanombohan'ity klioba ity ny fanamarinana an'izany faha-5 taonany izany, ka tonga nanotrona ny lanonana tamin'izany ny filohan'ny FMJ am-perinasa. Fantatra, araka ny nambaran'Andriamatoa Rabenatoandro Herimbola teny Ivato, fa hisokatra ho an'ny sokajy lehibe sy ny « élites » amin'izay ity toeram-panofanana Judo ity manomboka izao. Marihana fa mbola hisy ny hetsika fambolen-kazo hataon'ny mpikambana ao aminy amin'ity volana martsa 2023 ity, sy ny fanatanterahana fifaninanana judo hiarahana amin'ny ligin'ny judo Analamanga amin'ny volana mey 2023 ary ny hiatrehana ny « Judo Camp de Judo », hatao any Toamasina amin'ny volana jolay 2023 sy ny hetsika « déjeuner dansant », hatao amin'ny 5 novambra 2023 ao anatin'izany fankalazan'ny Do Judo ny faha-5 taonany izany. Marihana fa miisa 6 ireo tekinisiana miandraikitra ny fanomanana ny ankizy ao amin'ity klioba ity, izay manana mpikamba mahatratra 40 (4 ka hatramin'ny 14 taona) ankehitriny. Efa nisy ny fiaraha-miasa nataon'ny klioba tamin'ny « experts japonais Rygo Ide sy Tomokazu ary mbola mitohy hatramin'izao ny fifanakalozana traikefa amin'ireo klioba eto an-drenivohitra toa ny St Michel sy ny Hakudokan ary ny Esca, sns…

**Rainilita**



*Do Judo nankalaza ny faha-5 taonany teny Ilafy.*

Tomokazu Iwahori mpilatsaka an-tsitrapo japoney

# Mitohy ny fiaraha-miasany amin'ny Judo Malagasy

Herin-taona izay no vita, fa mbola hitohy ny fiaraha-miasa amin'ny sampana teknika nasiônaly eo anivon'ny FMJ « Fédération Malagasy de Judo » hiandraiketan'ilay mpilatsaka an-tsitrapo janoney, Tomokazu Iwahori. Izany hoe miditra amin'ny taona faharoa izany raha ny marimarina kokoa ankehitriny, ny fiaraha-miasa aminy. Ankoatra ny fandraisany anjara amin'ny fanomanana ny ekipam-pirenena Malagasin'ny judo 2023 dia hatokana bebe kokoa amin'ny fitetezam-paritra any amin'ny Faritany amin'ny alàlan'ny "Tomokazu Training camp", ny hetsika hataony manaraka, ka amin'ny 14 martsa hatramin'ny 19 martsa dia any Toliara no hanatanterahana an'izany ary amin'ny 8 mey 2023 ka hatramin'ny 14 mey 2023 kosa dia anjaran'i Toamasina, no hisitraka ny hetsika. Fantatra ihany koa fa hatramin'ny faha-23 febroary ho avy izao, dia mitarika fiofanana natokana manokana ho an'ny ekipam-pirenena voafidy izy, isaky ny alatsinainy, talata ary alakamisy sy zoma eny amin'ny Dojo ny AS St Michel Judo.

**Rainilita**



*Tomokazu Iwahori.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/02/2023 hatramin'ny 03/03/2023**

- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 038 37 007 07/032 11 220 11
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1408-03-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ORTANA**

## « Randonnée » any Manjakazafy Marovatana ny 11 martsa izao

« Randonnée » any Manjakazafy Marovatana indray, ny 11 martsa ho avy izao, no ho karakarain'ny Ortana, na ny Ofisim-Paritry ny Fizahantany amin'ny faritra Analamanga. Fanatanjahantena dia an-tongotra laroina fizahantany no hataon'ireo mpandray anjara mandritra izany, amin' ny halaviran-dalana 9,3 km. Hahafantarana tantara koa izao hetsika izao, satria mirakitra tantaran'Imerina i Manjakazafy ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo any amin'ny 35 km andrefan'ny renivohitra. Nanjary ho Manjakazafy ny anaran'izany toerana izany rehefa lasa Mpanjaka Razafindrahety na Ranavalona faha-III, Mpanjaka farany teto Madagasikara, nialoha ny naha-zanatany Frantsay antsika. Tao no nahabe ny Mpanjaka Ranavalona faha-III, lasa Mpanjakan'i Madagasikara izy teo amin'ny faha-22 taonany. Ankoatra ny fambolena sy ny fiompiana, mampalaza an'i Manjakazafy koa ny asa tanana, toy ny zaitra, ny tenona, ny fanaovana firavaka sarobidy, ny haingon-trano isan-karazany: vita amin'ny vy, sy zavatra hafa,… Nanjary nisy ny tanànan'i Tsaratanana koa any an-toerana amin'izao fotoana noho izany. Amin'ny 7 ora maraina ny fiaingana eo Antaninarenina ny sabotsy 11 martsa io. Amin'ny 8h30 no hanomboka ny fanatanjahantena dia an-tongotra, laroina fizahantany. Haharitra ora 3 eo no hanaovan' ny mpandray anjara ny halaviran-dalana 9,3 km. Rehefa tonga any an-toerana dia hisy ny fitsidihana ny tanànan'i Manjakazafy-Tsaratanana. Amin' ny 3 ora tolakandro ny rehetra no hiverina aty an-drenivohitra.

*Aly*



Toekarena manga

## Niverina nisokatra nanomboka omaly ny jono makamba

Niverina nisokatra nanomboka omaly indray, ny jono akamba, na makamba, na patsabe, na crevettes eto amintsika, rehefa nikatona hatramin'ny volana desambra lasa teo. Araka ny didy navoakan'ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga ny alarobia 15 February lasa teo, nisokatra nanomboka omaly alarobia 1 martsa ny fanjonoana akamba, na "crevettes", izay nanomboka tamin'ny 5 ora maraina. Isan-taona, misy hatrany ny fanakatonana ny fanjonoana ity karazana hazan-dranomasina, na hazan-dranomamy ity, izany dia mba hahafahany mitombo mandra-pahatongan'ny volana martsa. Mandritra io fe-potoana io raha ny tena marina, tsy tokony hisy ny fivarotana tsitsika, na makamba, na patsabe eny an-tsena, ny hita eny an-tsena ny desambra ka hatramin'ny volana martsa ireny dia ireo tahiry nahazoana alalana ny fivarotana azy.

*Aly*




***Akamba, na makamba, na tsitsika, na patsabe, vokatra anisan'ny mampalaza ny jono eto amintsika.***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 425**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0424)

***Mitsivalana***
- Salegy
- Anaranao
- Rà – Irony
- (T)anàn(a)
- Tetezana
- RLI
- Atao – Ota

***Mitsangana***
- Sarotra
- Ana
- La – Otra
- Ery – Elo
- Garazy
- Inona
- Tanàna (miv)
- Voina

TENY MIFANAPAKA **N° 425**




**Mitsivalana**

**1.** Mitodi-doha **2.** Zanaka faramandimby – Mpanondro **3.** Nodoranao **4.** Zava-maitso – Faran-teny **5.** Maneho fandimbiasana – Tsirin-teny (miv) **6.** Tao – Fanentanana ara hain-teny **7.** Vazo – Naoty – Ariary **8.** Tenan'olombelona **9.** Tsy mahatsiaro saina – Rano mikoriana (BR) **10.** Biby maro loko (miv)

**Mitsangana**

**A.** Lakile hidin-trano **B.** Tsirin-teny Iharana – Bengy – Ohatra **D.** Fidirana sy fivoahana **E.** Ankatoavina – Renin-tsoratra tsy mitovy **F.** Rehefa, nony, fony – Tovona **G.** Raisiny (miv) **H.** Nampisaina **I.** Marika (miv) – Ila, iry (miv) **J.** Tsapa K. Efaina – Solontena

### Valiny Teny mifanaraka 0424

**Mitsivalana**

**1**.Manodidina **2.** Ivato - Ar **3.** Tononkalo **4.** (J)anona - Valo **5.** Mana - Rova **6.** TF - Alina **7.** Ara - Manavy (miv) **8.** Tenenina **9.** Inona - TD **10.** AS - Iva - Avy

**Mitsangana**

**A** Mitambatra **B.** Avona - Re **D.** Nanontany **E.** Fanoto (miv) - Eny **F.** Dona - Vony (miv) **G.** Ravina **H.** Diavolana **I.** Lavina **J.** Naolana - TV **K.** Ar(etina) - Amidy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa, LW

Ny solontenan'ny TIM Bongolava, niarahaba tratra ny taona ny filoha Marc Ravalomanana teny Faravohitra.





Ny depiote Feno Ralambomanana sy ny depiote Todisoa avy amin'ny antoko TIM, nanatanteraka famelabelarana narahina ady hevitra, teny amin'ny lalam-piofanana sôsiôlôjia amin'ny Oniveristen'Antananarivo.









Ireo avy amin'ny antoko TIM Ambanja faritra Diana, nanome fanampiana ny toby FJKM mitsabo ireo marary saina any an-toerana.



